# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 29/05/2021 hatramin'ny 05/06/2021**

**- GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59

**- ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy Près Epi d'or) 020 22 245 12

**- MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18 / 032 05 224 32

**- OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70

**- METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

**- MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78

**- ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51

**- MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1169-06-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### Vidin'ny lavanila any Sava

## Nampanantenaina poak'aty ny tantsaha

Nandritry ny fandalovan'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina tany amin'ny faritra Sava, nandritry ny fampielezan-kevitra tamin'ny fifidianana filoham-pirenena ny taona 2018, dia nambarany fa atao avo telo heny  ny vidin'ny lavanila amin'ny tantsaha mpamokatra, kanjo vao mainka nidina avo telo heny ny vidiny ankehitriny. Mitaraina ireo tantsaha, satria tratry ny fampanantenana poak'aty indray izany aloha ny tantsaha any amin'iny tapany avaratra atsinanan'i Madagasikara iny. Hatreto, tsy mbola voafaritra izay vidin'ny lavanila izay na dia efa nametraka ihany aza ireo komity, fa ho jerena izay vidin'ny lavanila izay, mba tsy haha-fatiantoka ny tantsaha mpamboly, saingy vao mainka nitotongana izay tsy izy izany ankehitriny, tena mampiteny ny moana hoy ny any an-toerana.

***Rajo***



*Lavanila, vokatra fanondrana, mampalaza ny faritra Sava.*

Fiainana andavanandro

## Fitondrana tsy mahafehy ny vidin-tsakafo sy entana ilain'ny vahoaka

Niandrandra fihenan'ny vidin'ny sakafo sy entana fanjifa tena ilaina isan'andro ny vahoaka, indrindra indrindra ireo nifidy azy tamin'ny fitondrana Rajoelina. Fampanantenana tsy misy ohatr'izany rahateo no nataony tany am-piandohana. Efa nisy ny nataony toy izany tamin'ny fotoan'andro nandrombahany ny fahefana tamin'ny taona 2009-2010 ka nahavoafitaka ireo nanara-dia azy. Ankehitriny miverina indray ny zava-nisy. Miaka-bidy isan-kerinandro na efa ho isan'andro mihitsy aza ny menaka. Tsy mbola nisy vidi-menaka toy izao hatramin'izay naha tany ny tany teto. Nilaza ny tomponandraikitra iray teo anivon'ny minisitera misahana izany, fa  noho ny vidiny eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena no nahatonga io fiakaram-bidy io. Dia maneho miharihary ny tsy fahaizana eo amin'io sehatra io izany. Fitondrana tsy mahay mifehy vidin-javatra sy sakafo ilain'ny vahoaka.

Ireo izay mahalala tsara dia hahatsiaro, fa io resaka menaka io, dia zavatra iray tena anisany nifotoran'ny filoha Marc Ravalomanana tamin'izy teo amin'ny fitondrana. Niasa saina tokoa sy nifofotra mihitsy izy tsy hiakaran'io vidina menaka io, satria fantany sy tsinjony ny amin'io seha-bidy tsy mba marin-toerana io eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Izay mihitsy no nihazakazahany nanangana orinasa fanaova-menaka, ny "Top oil", izay indrisy fa noezakezahin'ny mpanongam-panjakana norobaina sy nopotehina izany. Ankehitriny mizaka ny voka-dra-



tsin'izany fankahalana izany ny vahoaka.

Tsy ny menaka ihany no tsy hitan'izao fitondrana izao izay hisakanana ny fiakaram-bidiny sy ny fampihenana izany, fa maro ireo sakafo sy entana ilain'ny vahoaka no tsy voafehiny intsony. Anisany iray mamoritra ny sarambabem-bahoaka isan'andro ary efa fotoana ela, nefa tsy ahitana soritra na kely aza vahaolana avy amin'ny fitondrana, ny vidin'ny arina na saribao fandrehitra fahandroan-kanina. Efa tamin'ny fitondrana teo alohany  io no nanomboka niaka-bidy be fa tsy tafaverin'ny fitondrana ankehitriny ary vao mainka aza misondrotra hatrany. Maneho miharihary indray fa tsy mahalala ny iainan'ny sarambabem-bahoaka izao fitondrana izao, ary tsy miaina ny fiainam-bahoaka andro aman'alina fa mody miseho ho mahalala izany fotsiny ihany.

Ilay fototra amin'ny filan'ny vahoaka mihitsy no giazan'ny fidangam-bidy, ary dia mitazam-potsiny tsy misy afitsoka ny fitondrana. Mijaly sy ory mafy ny vahoaka Malagasy, tsy araka ny noeritreretiny no nitranga iainany amin'izao fotoana izao.

***Radafy***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 350**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## TENY MIFANAPAKA N° 350




**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra fanjakana – Heloka **2.** Vahoaka – Banky **3.** Fiakarana – Mikoriana ao anaty **4.** Ambony – Tompon'ny sambo fiara **5.** Naoty (miv) – Firavaka **6.** Nozakainy – Anaty rano **7.** Matoanteny – Lavitra **8.** Ao andamosiny  (miv) **9.** Irery (miv) – Vorona (BR) **10.** Mpampitohy – Ao amin'ny sata – Lapan'ny Mpanjaka

**Mitsangana**

**A.** Ora ifanomezana – Matanjaka **B.** Menaka – Tsingerin-taonany **D.** Eo amin'ny vatana – Ao amin'ny fery **E.** Biby (miv) – Alikaola **F.** Hidaboka – Sahala (miv) **G.** Fonenana (miv) **H.** Tarafo **I.** Tsofoka – Aotra – Soloy (miv) **J.** Tsipy – Anelanelan'ny vava sy tava **K.** Aiza ? – Halana

## Valiny Teny Tondro (0349)

***Mitsivalana***

- Tetezana
- Menaka (miv)
- Marenina
- Baina – IL
- Kaki
- Loa – Alin(a)
- Ao – Gia

***Mitsangana***

- Tombola
- AA – OO
- Tarika
- Ekena
- Zanakay
- Any – Ila
- Neny
- Amalona

## Valiny Teny mifanaraka 0349

**Mitsivalana**

1. Mananasy 2. Arovanao 3. Mirenireny 4. Paiso - Neny (miv) 5. Al(a) - Abela 6. Radama (miv) 7. Noa (miv) - Sikina 8. Tra - Nifosa (miv) 9. Rainy - Fo 10. Ma (miv) - Didiana (miv)

**Mitsangana**

A Mampakatra B. Lay (miv) - Maro (miv) D. Nary - Anay E. Masera (miv) - Na F. Nono - Niasa (miv) G. Avy - Sida (miv) H. Saribakoly I. Fireneny (miv) J. Lena (miv) - Nify K. Boina - Dona (miv)